VPA FAHAVALO	Mizara izay fantany mahakasika ny maha firenena mahaleo tena an' i Madagasikara.
VPA FAHASIVY	Mandray anjara amin'ny ady amin'ny tsy fahamarinana sy ny kolikoly.
VPA FAHAFOLO	Misoroka ny fandanielaniam-poana, mitahiry sy mampitombo araka izay ananana.

FAFAN'NY VOTOATINY

LOHAHEVITRA	VOTOATINY
NY FANAJANA NY MAHA OLONA SY FIFANDRAISANA AMIN'NY Hafa	Ny mombamomba ny tena • Anarana, taona, fonenana • Sekoly, kilasy • Namana, mpampianatra • Fialamboly, sakafo tiana • Talenta, mampiavaka, nofinofy Ny mombamomba ny ankohonany • Ray aman-dreny sy iray tampo • Isan'ny iray tampo sy filaharana Ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana • Faritra diovinana eo amin'ny vatana • Fitaovam-pidiovana • Toerana fidiovana • Fotoana fidiovana • Fomba fidiovana • Fomba fanadiovana fitafiana • Fomba fitandroana ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana Ny fahalalam-pomba • Fifampiarahabana • Fifanaovam-beloma • Fisaorana sy fankasitrahana • Fialana tsiny • Fanaovana azafady na fanaovana mbay lalana Ny fifampiresahana • Sokajin'olona azo ifampiresahana • Sokajin'olona tsy azo ifampiresahana • Toetra amam-pihetsika takina rehefa mifampiresaka Ny fandaminana ao an-tokantrano sy any an-tsekoly • Raharaha atao alohan'ny handehanana any an-tsekoly • Sahanasa iraisana any an-dakilasy • Lamina napetraka any an-tsekoly • Raharaha atao rehefa avy any an-tsekoly
NY FANAJANA NY ZO SY NY FANATANTERAHANA ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA	Ny fananana iombonana ao an-dakilasy • Fananana iombonana • Fomba fanajana sy fikojakojana Ny tontolo manodidina • Tontolo manodidina • Olana mety hitranga • Fomba fanajana sy fiarovana Ny fisorohana ny loza • Loza mety hitranga • Fomba fiarovan-tena Ny fitoviana sy ny fahasamihafana • Fitovian-jon'ny zazalahy sy ny zazavavy • Fahasamihafana ara-batana sy endrika Ny raharaha madinika • Raharaha madinika fanaon'ny ankizy ao an-tokantrano • Fomba fanatanterahana • Fanatanterahana ireo raharaha madinika fanao andavanandro Ny zo ananan'ny ankizy • Zon'ny ankizy Ny andraikitra mifanaraka amin'ny zo • Andraikitra ny ankizy

NY FITIAVAN-TANINDRAZANA	Ny fanajana ny fanevam-pirenena • Fihetsika mendrika Ny fandavana ny fandraisana sy fanomezana tamby • Karazana tamby • Toetra amam-pihetsika mitana fahamarinana
NY FANABEAZANA ARA-TSOSIALY SY ARA-BOLA	Ny fomba fanaovana tahiry • Zavatra azo tahirizina • Fomba fitahirizana ao an-tokantrano Ny fitaovana sy ny angovo • Fitaovana ao an-tokantrano • Angovo fampiasa • Fomba fampiasana am-piheverana ny fitaovana sy ny angovo

NY FANAJANA NY MAHA OLONA SY FIFANDRAISANA AMIN'NY Hafa

Fahendrena voizina : fahatokisan-tena, fanajana ny tena sy ny hafa

Faharetany : 16 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho ny mombamomba ny tena	Ny mombamomba ny tena • Anarana, taona, fonenana • Sekoly, kilasy • Namana, mpampianatra • Fialamboly, sakafo tiana • Talenta, mampiavaka, nofinofy	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hilaza sy haneho ny mombamomba azy amin'ny fomba mazava - hihaino sy hanaja ny mombamomba ny hafa - hanao seho fohy eo anoloan'ny kilasy - hamorona hafatra tsotra mampirisika ny hafa hatoky tena Tetika amam-paika - Fampisehoana modely (mpampianatra na olo-malaza) - Fanehoan-kevitra sy fifanakalozan-kevitra - Seho sehatra - Asan-tarika Fitaovana - Sakafo - Sary - Asa tanana - Zava-maneno isan-karazany - Kilalao samihafa...
Tombana • Maneho ampahibemaso sy amim-pahatokisana ny mombamomba azy ny mpianatra. • Manentana ny hafa hatoky tena ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho ny mombamomba ny ankohonany	Ny mombamomba ny ankohonany ● Ray aman-dreny sy iray tampo ● Isan'ny iray tampo sy filaharana : lahimatoa, vavimatoa, lahiaivo, vaviaivo, faralahy, faravavy	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hilaza ny mombamomba ny ankohonany amin'ny fomba mazava - hihaino sy hanaja ny mombamomba ny ankohonan'ny hafa - hanao seho fohy eo anoloan'ny kilasy - hamorona hafatra fohy mampirisika ny hafa hatoky tena Tetika aman-paika - Tantara kely - Fandinihana sarin'ankohonana iray - Seho sehatra fohy Fitaovana Sarin'ankohonana
Tombana ● Maneho ampahibemaso sy amim-pahatokisana ny mombamomba ny ankohonany ny mpianatra. ● Manentana ny hafa hatoky tena ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mitandro ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana	Ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana ● Faritra diovina eo amin'ny vatana (tanana, tarehy, nify...) ● Fitaovam-pidiovana ● Toerana fidiovana ● Fotoana fidiovana ● Fomba fidiovana ● Fomba fanadiovana fitafiana ● Fomba fitandroana ny fahadiovan'ny vatana sy ny fitafiana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hilaza ny faritra diovina, fitaovam-pidiovana, toerana sy fotoana fidiovana - hampitaha olona madio sy maloto - hanao seho sehatra momba ny fahadiovana - hamorona hafatra am-bava hanentanana ny hafa hitandro ny fahadiovana Tetika aman-paika - Fanaovana tsianjery na hira - Fijerena sary - Sarisarin-tsehatra - Fihainoana tantara kely - Fanaraha-maso ny fahadiovan'ny mpianatra isan'andro - Fanentanana Fitaovana - Horonam-peo : tsianjery na hira - Kisary - Tantara kely - Fitaovam-pidiovana
Tombana ● Milaza ireo faritra diovina, fitaovam-pidiovana, toerana sy fotoana fidiovana ny mpianatra. ● Mampiseho amin'ny fihetsika ny fomba fidiovana sy fanadiovana fitafiana ny mpianatra. ● Mitandro ny fahadiovan'ny vatany sy ny fitafiany isan'andro ny mpianatra. ● Manentana ny hafa hitandro fahadiovana ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho fahalalam-pomba eo amin'ny fiainana andavanandro	Ny fahalalam-pomba - Fifampiarahabana - Fifanaovam-beloma - Fisaorana sy fankasitrahana - Fialana tsiny - Fanaovana azafady na fanaovana mbay lâlana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - ilaza ny fahalalam-pomba fantany - hamantatra fahalalam-pomba mifandraika amin'ny sehatra - haneho amin'ny fiteny sy fihetsika mendrika - hanao seho sehatra momba ny fahalalam-pomba (mendrika/tsy mendrika) - hanao fanentanana momba ny fahalalam-pomba Tetika amam-paika - Tosa-kevitra - Sarisarin-tsehatra - Fihainoana tantara kely - Seho sehatra Fitaovana - Horonam-peo : tsianjery na hira - Sary - Votoatiny hanaovana seho sehatra - Tantara kely
Tombana - Maneho fiteny sy fihetsika mariky ny fahalalam-pomba eo amin'ny fiainana andavanandro ny mpianatra. - Manentana ny hafa haneho fahalalam-pomba eo amin'ny fiainana andavanandro ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandrindra ny fifandraisana amin'ny hafa	Ny fifampiresahana - Sokajin'olona azo ifampiresahana (ray amandreny, mpampianatra, namana...) - Sokajin'olona tsy azo ifampiresahana (olon-tsy fantatra, olon-dratsy,...) - Toetra amam-pihetsika takina rehefa mifampiresaka (manaja, mihaino...) Ny fandaminana ao an-tokantrano sy any an-tsekoly - Raharaha atao alohan'ny handehanana any an-tsekoly : mandamina fandriana, efitrano, fitaovam-pianarana ilaina, midio, misakafo... - Sahanasa iraisana any andakilasy : manadio efitrano, mamafa solaitrabe, mizara boky...	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanavaka ireo sokajin'olona azo ifampiresahana sy tsy azo ifampiresahana - hanao seho sehatra hanehoana toetra amam-pihetsika mendrika rehefa mifampiresaka - handinika lamina ao an-tokantrano sy any an-tsekoly - hanaja ireo lamina mampirindra ny ao an-tokantrano sy any an-tsekoly Tetika amam-paika - Seho sehatra - Fampiharana mivantana - Fanaraha-maso ny fitondrantenan'ny mpianatra - Fitantarana ny zava-misy iainan'ny mpianatra any an-tokantrano - Kisarisarin-tsehatra Fitaovana - Kojakoja hanaovana seho sehatra... - Sary

Tombana

- Manavaka sokajin'olona azo ifampiresahana na tsia ny mpianatra.
- Mampiseho fitondran-tena mendrika mandritra ny fifampiresahana ny mpianatra.
- Manaja lamina mampirindra ny ao an-tokantrano sy any an-tsekoly ny mpianatra.
- Mandray andraikitra ao an-tokantrano sy any an-tsekoly ny mpianatra.

NY FANAJANA NY ZO SY NY FANANTANTERAHANA ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA

Fahendrena voizina : fanajana ny fananana iombonana, fandraisana andraikitra

Faharetany : 16 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manaja sy mikojakoja ny fananana iombonana ao an-dakilasy	Ny fananana iombonana ao an-dakilasy ● Fananana iombonana : seza, dabilio, latabatra, boky, rindrina, varavarana, trano fivoahana... ● Fomba fanajana sy fikojakoja : mitandro fahadiovana, mitandrina amin'ny fampiasana azy, milaza amin'ny mpampianatra raha misy fahasimbana...	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hijery sy hitanisa ireo fitaovana ao an-dakilasy - hilaza ny toetoetry ny fananana iombonana - hilaza ny fomba fanajana sy fikojakoja ny fananana iombonana - haneho toetra amam-piketsika manaja fananana iombonana Tetika amam-paika - Fijerena sy fanondroana mivantana ao an-dakilasy - Fijerena sary maneho ankizy mikojakoja fananana iombonana - Famintinana miaraka Fitaovana - Sary - Fitaovana iombonana ao an-dakilasy

Tombana

- Mahatondro ireo fitaovana iombonana ao an-dakilasy sy ny toetoetrany ny mpianatra.
- Milaza fomba fanajana fananana iombonana ny mpianatra.
- Manaja sy mikojakoja ireo fananana iombonana ao an-dakilasy ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manaja sy miaro ny tontolo manodidina	Ny tontolo manodidina ● Tontolo manodidina : ao an-trano, any an-tsekoly ● Olana mety hitranga : loto, doro tanety, setroka... ● Fomba fanajana sy fiarovana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hilaza izay hitany eo amin'ny manodidina azy - hitanisa ireo olana misy - hanao sahanasa iraisana ho fanajana sy fiarovana ny tontolo manodidina - hamorona hafatra am-bava hampirisihina ny hafa hanaja sy hiaro ny tontolo manodidina azy Tetika amam-paika - Fivoahana ivelan'ny kilasy arahina tosa-kevitra - Sahanasa iarahana (fanadiovana...) Fitaovana - Kifafa - Fanariam-pako - Rano - Sary maneho fahasimbana sy fahadiovana

Tombana

- Manavaka sokajin'olona azo ifampiresahana na tsia ny mpianatra.
- Mampiseho fitondran-tena mendrika mandritra ny fifampiresahana ny mpianatra.
- Manaja lamina mampirindra ny ao an-tokantrano sy any an-tsekoly ny mpianatra.
- Mandray andraikitra ao an-tokantrano sy any an-tsekoly ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manaja sy miaro ny tontolo manodidina	Ny tontolo manodidina ● Tontolo manodidina : ao an-trano, any an-tsekoly ● Olana mety hitranga : loto, doro tanety, setroka... ● Fomba fanajana sy fiarovana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hilaza izay hitany eo amin'ny manodidina azy - hitanisa ireo olana misy - hanao sahanasa iraisana ho fanajana sy fiarovana ny tontolo manodidina - hamorona hafatra am-bava hampirisihina ny hafa hanaja sy hiaro ny tontolo manodidina azy Tetika amam-paika - Fivoahana ivelan'ny kilasy arahina tosa-kevitra - Sahanasa iarahana (fanadiovana...) Fitaovana - Kifafa - Fanariam-pako - Rano - Sary maneho fahasimbana sy fahadiovana

Tombana

- Manavaka sokajin'olona azo ifampiresahana na tsia ny mpianatra.
- Mampiseho fitondran-tena mendrika mandritra ny fifampiresahana ny mpianatra.
- Manaja lamina mampirindra ny ao an-tokantrano sy any an-tsekoly ny mpianatra.
- Mandray andraikitra ao an-tokantrano sy any an-tsekoly ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Miaro tena amin'ny loza mety hitranga	Ny fisorohana ny loza ● Loza mety hitranga : afo, zava-maranitra, rano lalina, arabe.... ● Fomba fiarovan-tena : mitandrina rehefa mampiasa afo sy zava-maranitra ; mifady ny milalao eny amoron-drano na akaiky lavadrano, tsy misangisangy eny an-dalana, mitandrina tsara rehefa hiampita arabe...	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hilaza ireo loza mety hitranga - hilaza ny fitandremana tokony hatao - haneho fihetsika fiarovan-tena amin'ireo loza - hanatanteraka seho sehatra tsotra hanentanana ny hafa hitandrina tsy ho tratry ny loza Tetika amam-paika - Fampiasana kisary maneho ny fitandremana amin'ny loza - Seho an-tsehatra fohy Fitaovana - Kisary - Kojakoja hanaovana seho sehatra... - Votoatiny hanaovana seho sehatra

Tombana

- Milaza ireo loza mety hitranga ny mpianatra.
- Mitandrana sy miaro tena amin'ireo loza mety hitranga aminy ny mpianatra.
- Manentana ny hafa hitandrana sy hiaro tena amin'ireo loza mety hitranga aminy ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manatanteraka raharaha madinika andavanandro tsy anavahana lahy sy vavy	Ny fitoviana sy ny fahasamihafana ● Fitovian-jo ny zazalahy sy ny zazavavy : fianarana, talenta, fialamboly, asa tiany hatao, ... ● Fahasamihafana ara-batana sy endrika : toe-batana, endrika, volo, akanjo fitafy, tanjaka, bika ... Ny raharaha madinika ● Raharaha madinika fnaon'ny ankizy ao an-tokantrano : manampy ao an-trano, mandamina fandriana, mikarakara fitaovana... ● Fomba fanatanterahana : atao amim-pitiavana sy am-pahendrena, tsy hanavahana ny lahy na ny vavy, mifanaraka amin'ny taona sy ny toe-batana, mamita hatramin'ny farany izay atao... Fanatanterahana ireo raharaha madinika fanao andavanandro	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanazava ny fitoviana sy ny maha samy hafa ny zazavavy sy zazalahy - hilaza ireo raharaha ataony ao an-trano - hilaza ireo fitondrantena mendrika rehefa manao ireo raharaha madinika - hanatanteraka sarisarim-pampianarana momba ireo karazana raharaha madinika - hanao seho sehatra fohy hampirisihana ny hafa hanao raharaha ao an-tokantrano Tetika amam-paika - Seho sehatra arahina fampiharana mivantana - Fihainoana tantara kely - Filalaovana sarisarin-tsehatra - Fampiharana mivantana Fitaovana - Tantara kely - Kojakoja hanaovana seho sehatra - Votoatiny hanaovana seho sehatra

Tombana

- Manazava ny fitoviana sy ny maha samy hafa ny zazalahy sy ny zazavavy ny mpianatra.
- Mandray anjara mavitrika amin'ny raharaha madinika fanao andavanandro ny mpianatra.
- Manentana ny hafa handray anjara mavitrika amin'ny raharaha madinika fanao andavanandro ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manatanteraka ny andraikitra mifanandrify amin'ny zo ananana	Ny zo ananan'ny ankizy Zon'ny ankizy : ho salama, zo hisakafo ara-pahasalamana, zo hitafy madio, zo hitoetra amin'ny trano fonenana, zo hianatra, zo harovana amin'ny herisetra, zo hilalao sy hiala voly... Ny andraikitra mifanaraka amin'ny zo Andraikitry ny ankizy : mianatra tsara, mikarakara tena, manaraka fitsipika, manampy ao an-trano, manaja ny lamina ao an-tsekoly,...	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hitanisa ireo zon'ny ankizy - hilaza ireo andraikitra mifanandrify amin'ny zo tsirairay - hanatanteraka seho sehatra hanehoana ireo zo sy andraikitra eo amin'ny fiainana andavanandro Tetika amam-paika - Fandinihana kisary - Seho sehatra - Fampiharana aorian'ny lesona Fitaovana Kisary

Tombana

- Mitanisa ireo zon'ny ankizy ny mpianatra.
- Manatanteraka amim-pahendrena ny andraikiny ny mpianatra.

NY FITIAVAN-TANINDRAZANA

Fahendrena voizina : fanajana ny fiandrianam-pirenena, fahamarinana

Faharetany : 9 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho fitondrantena mendrika rehefa manangan-tsaina	Ny fanajana ny fanevam-pirenena • Fihetsika mendrika : manala satroka, manapika elo, mijoro mahitsy tsara, mibanjina ny sainam-pirenena, mihira mafy sy marina tsara...	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hilaza ireo fihetsika mendrika rehefa manangan-tsaina - hampiseho sy hampihatra izany eny an-tokontany mandritra ny fananganan-tsaina - hamorona hafatra am-bava hanentanana ny namany hanaja ny sainam-pirenena Tetika amam-paika - Fihainoana horonam-peo (hira faneva) - Fifanakalozan-kevitra mikasika ireo fihetsika efa hitany sy niainana - Fampiharana eny an-tokontany Fitaovana - Horonam-peo - Sainam-pirenena - Satroka

Tombana

- Mitanisa ireo fihetsika mendrika enti-manaja ny fanevam-pirenena ny mpianatra.
- Mampihatra ireo fihetsika mendrika enti-manaja ny fanevam-pirenena ny mpianatra.
- Manentana ny hafa hampihatra ireo fihetsika mendrika enti-manaja ny fanevam-pirenena ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandà ny fandraisana sy fanomezana tamby	Ny fandavana ny fandraisana sy fanomezana tamby • Karazana tamby : vola , fitaovana, kilalao, sakafo ... • Toetra amam-pihetsika mitana fahamarinana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - haneho amin'ny fiteny sy fihetsika ny fitazomana ny fahamarinana - hanatanteraka seho sehatra hanentanana ny hafa hanao ny marina Tetika amam-paika - Fihainoana tantara kely - Fitantarana tranga efa niainany na efa hitany - Seho sehatra arahina fampiharana Fitaovana Tantara kely

Tombana

- Mitanisa ny fihetsika maneho fandavana tamby ny mpianatra.
- Sahy mandà tamby amin'ny toe-javatra andavanandro ny mpianatra.
- Manentana ny hafa ho sahy handà tamby amin'ny toe-javatra andavanandro ny mpianatra.

Fahendrena voizina : fandraisana andraikitra, fitsinjovana ny hoavy

Faharetany : 8 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manao tahiry ao an-tokantrano	Ny fomba fanaovana tahiry ● Zavatra azo tahirizina : sakafo, rano, kitay, entana, vola,... ● Fomba fitahirizana an-tokantrano : anaty boatin-drakitra, anaty sompitra, anaty vata mihidy, anaty barika misarona tsara,...	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hilaza ireo zavatra azo tahirizina ao an-trano - hisafidy ny fomba fitahirizana mety - haneho seho an-tsehatra hanentanana ny hafa hanao tahiry Tetika amam-paika - Fitantarana zava-misy - Seho sehatra - Fihainoana tantaran'olona nanao tahiry Fitaovana - Kisary na fitaovana fitahirizana - Tantara kely

Tombana

- Mahalaza zavatra azo tahirizina ao an-trano ny mpianatra.
- Misafidy fomba fitahirizana mety ny mpianatra.
- Manentana ny hafa hanao tahiry ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa am-piheverana ny fitaovana sy ny angovo	Ny fitaovana sy ny angovo ● Fitaovana ao an-tokantrano : radio, finday,... ● Angovo fampiasa : herin'aratra, entona (gaz), rano, saribao, angovo azo havaozina... ● Fomba fampiasana amim-piheverana ny fitaovana sy ny angovo	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hilaza ireo fitaovana fampiasa ao an-tokantrano - hilaza ireo fitaovana mila angovo - hitantara ny fomba fampiasa ireo fitaovana sy angovo eo amin'ny fiainana andavanandro - hanazava ny fomba fampiasana am-piheverana azy ireny - hampihatra fitsitsiana angovo isan'andro Tetika amam-paika - Fijerena sary na horonan-tsary - Tosa-kevitra - Fampiharana mivantana Fitaovana - Kisary - Horonan-tsary (raha misy) na sary

Tombana

- Mahatanisa ireo fitaovana sy angovo fampiasa andavanandro ny mpianatra.
- Mahalaza ny fomba fitsitsiana ny mpianatra
- Maneho ny fomba fampiasana am-piheverana ny fitaovana sy angovo mpianatra
- Mampiasa am-piheverana ny fitaovana sy angovo ny mpianatra

TOROVOLANA

Angovo : hery entina manantanteraka hetsika. (Oh: andrehetana jiro na hanodinana môtera hahazoana herinaratra)

Kisary : sary tsotra maneho ny singa fototra mandrafitra amin'ny zavatra iray

Talenta : fahaizana voajanahary ananan'ny olona iray

Manavanana : fahaizana mifanaraka amin'ny talenta mihoatra ny fahaizana hafa

Sompitra : toerana fitahirizam-bokatra

Tamby : vola na zavatra omena ho takalon'ny asa natao

TOVANA

Dingana amin'ny fanatanterahana tetikasa eo amin'ny taranja “Fanabeazana ho Olompirenena Vanona”

Famantarana ny olana

Ao an-sekoly na eo amin'ny fiarahamonina

Fisafidianana ny tetikasa

Tetikasa azo tanterahina

Fanomanana ny tetikasa

Iza, inona, rahoviana ?

Fanatanterahana ny tetikasa

Araka ny drafitra

Fanombanana ny tetikasa

Ny nety, ny olana niseho, ary ny fanatsarana azo atao amin'ny ho avy

Fanehoana ny vokatra

Mihaino ny heviny

Dingana amin'ny seho sehatra

Fisafidianana ny lohahevitra na tranga

Fizarana asa

Mpilalao, mpitantara, mpanampy...

Fanomanana

Mialoha, mangataka fanampian'ny mpampianatra

Andrana

Fanazaran-tena sy fanitsiana

Fanatanterahana

Maneho ny seho eo imason'ny mpiara-mianatra

Fanangonana hevitra

Mihaino ny hevitra ny mpijery, maka lesona

Fanekena sy fampiharana

Mampihatra ny hafatra azo eo amin'ny fiainana andavanandro

MATEMATIKA

ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny tanjon'ny taranja matematika dia :

- hampivelatra vondrona fahalalana samihafa ao anatin'ny sehatra matematika ;
- hahatakatra sy hampihatra ireo voankevitra matematika ;
- hampihatra sy hampiasa izany amin'ny famahana olana eo amin'ny fiainana andavanandro.

FANDAMINANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny taranja matematika dia ahitana zana-taranja miisa enina :

- **Fianarana isa** : hahatakarana ny mpianatra ny isa (miiba, miabo, ampahany, sns) sy ny toetra mampiavaka azy
- **Asamarika** : hanao kajy (manampy, manala, mampitombo, mizara) sy hampihatra izany amin'ny famahana olana andavanandro
- **Alijebra** : hamantatra kisary mitamberina sy fanaraham-pitsipika hita ary haneho fifandraisana aljebrika
- **Rafidrefy** : handrefy habe samihafa (halavana, lanja, ora, zoro, velarana, hadiry) amin'ny fampiasana fitaovana fandrefesana
- **Rafitsary** : hianatra kisary, vainga ary fanovana ara-drafitsary
- **Fikirakirana Antontanisa** : hanangona, handamina, handika antontan'isa ary handinika ny vintana

FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny fampianarana matematika dia :

- manome vahana ny fanakarana ny hevitra ny isa, ny asamarika, ny rafitsary, ny rafidrefy ary ny fikirakirana antontan'isa ;
- mampifandray ny voankevitra sy ny zava-misy iainan'ny mpianatra ;
- manamafy ny fikirakirana fitaovana mba hampisy heviny ny voankevitra ;
- manome lanja ny fanehoana an-tsary ny voankevitra tsy hita maso sy tsy azo tsapain-tanana ho lasa matematika.

Ny mpampianatra dia mitana andraikitra maro mandritra ny lesona : mitarika, manazatra, manampy, manentana ary manohana ny mpianatra mba hampivelatra ny fahaizany.

LANJAN'ORA : 7 ora (14 x 30 minitra)

VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY

ZANA-TARANJA	VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY
FIANARANA ISA	Mampiasa ny fahazoana ny voankevitra momba ny isatsimivakinanahary, hanoritsoritana hamaroan-javatra hita eo amin'ny fiainana andavanandro.
ASAMARIKA	Manampy, manala ary mampitombo isa isatsimivakinanahary.
ALIJEBA	Manoritsoritra sy mamakafaka ny fanaraham-pitsipika sy ny fiverimberenana amin'ny fandikana ireny ho ara-matematika eo amin'ny tandahatra manara-pitsipika.
RAFITSARY	Manoritsoritra ny toerana misy ny vainga na zavatra iray sy ny fifindrany ao anatin'ny habaka.
	Mamaha sehatr'olana fahita eo amin'ny fiainana andavanandro amin'ny fanoritsoritana, fampitahana ary fanasokajiana endrika jiometrika.
RAFIDREFY	Mamaha sehatr'olana fahita eo amin'ny fiainana andavanandro amin'ny fampiasana refy : halavana, lanja, fatra ary fotoana.
FIKIRAKIRANA ANTONTANISA	Manangona sy mandamina antontan-kevitra na antontanisa mba hampitana hevitra.

FAFANA VOTOATINY

ZANA-TARANJA	VOTOATINY
FIANARANA ISA	Fanisana isa hatramin'ny 40 Fanoratana, fanisana isa hatramin'ny 40 Famahavahana sy famondronana isa Fanisana isa 41 hatramin'ny 100
ASAMARIKA	Fampiasana kajy an-kandrina Fanampiana isa hatramin'ny 40 Fanalana isa hatramin'ny 40
ALIJEBA	Fandaharana manara- pitsipika Fanohizana tandahatra Fanehoana tandahatra
RAFITSARY	Fampiasana teny milaza toerana Fanasokajiana vainga manana endrika samihafa Fanehoana kisary an-demaka Fanasokajiana karazana tsipika
RAFIDREFY	Fandrefesana halavana Fampitahana lanja Fandrefesana mari-potoana tontolo andro
FIKIRAKIRANA ANTONTANISA	Fanasokajiana angona Fanavahana tranga miseho sy tsy miseho

FIANARANA ISA

Fahendrena voizina : fizakantena, fanenterana

Faharetany : 62 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manisa sy mampitaha angon- javatra na hamaroan-javatra hatramin'ny 40 amin'ny alalan'ny vainga azo kirakiraina	Fanisana isa isa hatramin'ny 40 - Fanisana angon-javatra - Fanombanana sy fampitahana - Isa araka ny sokajiny : ampolony sy ambiny	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanao tsianjery tanisa an-kira - hampifanaraka izany amin'ny fanisana angon-javatra na hamaroan- javatra azo kirakiraina - hanombana ny isan'angon-javatra na hamaroan-javatra - hampitaha angon-java na hamaroan-javatra amin'ny alalan'ny hoe “maro kokoa”, “vitsy kokoa”, “mira” - hamondrona ho ampolony sy ambiny Tetika amam-paika - Fampiasana tanisa an-kira - Fanisana sy fanombanana angon-javatra na hamaroan- javatra - Fampitahana angon-javatra na hamaroan-javatra - Fampivondronana ho ampolony sy ambiny Fitaovana - Tanisa an-kira - Vatokely na voantsaramaso na voakatsaka na angon-javatra hafa - Tanjozotranisa
Tombana - Manisa angon-javatra hatramin'ny 40 amin'ny alalan'ny vainga azo kirakiraina ny mpianatra. - Mampitaha angon-javatra na hamaroan- javatra hatramin'ny 40 ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manisa, manoratra, mampitaha ary mandahatra isa hatramin'ny 40	Fanoratana, fanisana isa hatramin' ny 40 • Fanisana sy famakiana isa • Fanehoana isa amin'ny alalan'ny tarehimarika	Sahanasa Fanisana sy famakiana ny isa 1 hatramin'ny 10 Tarihina ny mpianatra : - hanisa angon-javatra 1 hatramin'ny 10 ary hampifandray isa sy angon-javatra - hampiasa kiefitra 10 hametrahana angon-javatra araka ny isa * hametraka ao anaty kiefitra voalohany ny voatsaramaso 1 rehefa manisa 1 * hanampy voatsaramaso 1 ao anaty kiefitra faharoa rehefa manisa 2 * hanampy tsaramaso 1 ny kiefitra fahafolo rehefa manisa 10. Tetika amam-paika - Fanisana miandalana - Fampiasana kiefitra 10 - Fametrahana angonjavatra ao anaty kiefitra 10 araka ny isa voalaza Fitaovana - Voatsaramaso na zavatra azo kirakiraina misy eo an-toerana - Kiefitra 10
	Fanoratana isa hatramin'ny 40	Sahanasa - hanoritra sy hanoratra tarehimarika 1 hatramin'ny 10 - hampifandray isa sy angon-javatra mifanaraka aminy - hanoratra isa hatramin'ny 40 amin'ny alalan'ny tarehimarika - hanoratra tarehimarika tononina aminy - hamaky sy hanoratra isa hatramin'ny 40 hitan'ny masony. Tetika amam-paika - Fampiasana tanjozotranisa mifanaraka amin'ny isa ianarana - Fanoritana isa miandalana : soritin an'erana, ambony latabatra, soritana eny amin'ny solaitrabe, soratana ao anaty solaitra na kahie Fitaovana - Tanjozotranisa - Tabilaonisa
	• Fanisana isa hatramin'ny 40 amin'ny fomba samihafa : tsirairay, tsiroaroa, tsidimidimy, tsifolofolo, misonga, mijotso	Sahanasa - hanisa tsirairay, tsiroaroa, tsidimidimy, tsifolofolo isa hatramin'ny 40 - hanisa misonga sy mijotso isa hatramin'ny 40

		<i>Tetika amam-paika</i> - Fampiasana tanjozotranisa na tabilaonisa - Fanisana miandalana sy tsikelikely - Fanisana mitsambikina : tsiroaroa, tsidimidimy, tsifolofolo <i>Fitaovana</i> - Tanjozotranisa - Tabilaonisa
	● Fampitahana sy fandaharana isa hatramin'ny 40	<i>Sahanasa</i> - hampitaha isa roa amin'ny fikirakirana fitaovana - handahatra isa misonga na mijotso - hamantatra isa lehibe indrindra sy kely indrindra <i>Tetika amam-paika</i> - Fijerena ireo tarehimarika mandrafitra ny isa : ambiny, ampolony - Fametrahana ireo isa eo amin'ny tabilaonisa na tanjozotranisa - Fampiasana isa marika (tondro) sy tabilaonisa na tanjozotranisa <i>Fitaovana</i> - Tabilaonisa na tanjozotranisa - Isa marika (tondro)

Tombana

Manisa, mamaky, manoratra, mampitaha ary mandahatra isa hatramin'ny 40 ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamahavaha, mamondrona isa 1 hatramin'ny 40 amin'ny alalan'ny fitaovana azo kirakiraina	● Famahavahana sy famondronana isa ● Famahavahana sy famondronana isa ● Fanehoana isaamin'ny eva matematika ● Antsasaky ny isa : isa ankasa sy isa tsiankasa ● Fanehoana isa iray amin'ny fomba maro Fanisana isa hatramin'ny 4 amin'ny fomba samihafa : tsirairay, tsiroaroa, tsidimidimy, tsifolofolo, misonga, mijotso	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hizara ho roa mitovy angonjavatra hahitana ny antsasany - hamantatra ny isa ankasa sy isa tsiankasa - hamondrona angon-javatra ho isa iray - hamahavaha isa iray ho isa roa na maromaro - haneho isa iray amin'ny fomba samihafa amin'ny fampiasana evan'ny fifanampiana (+) <i>Tetika amam-paika</i> - Fikirakirana angon-javatra - Fampiasana kisary sy eva matematika - Famahavahana isa amin'ny fomba maro - Fampiasana fifanampiana <i>Fitaovana</i> Angon-javatra misy eo an-toerana

Tombana

- Mamahavaha sy mamondrona isa hatramin'ny 40 ny mpianatra.
- Maneho isa iray amin'ny fomba samihafa ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamantatra ny isa 41 hatramin'ny 100	Fanisana isa 41 hatramin'ny 100 - Ambiny sy ampolony - Fanisana tsirairay tsiroaroa, tsidimidimy ary tsifolofolo	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanisa tsifolofolo misonga sy mijotso manomboka amin'ny isa henenin'ny 10 (hatramin'ny 100) - hamaky ary hanoratra ny valiny Tetika amam-paika Fanisana amin'ny alalan'ny tabilaonisa na tanjozotranisa Fitaovana - Tabilaonisa - Tanjozotranisa
Tombana - Mamaky ny isa 41 hatramin'ny 100 amin'ny fampiasana tabilaonisa na tanjozotranisa ny mpianatra. - Manisa misonga na mijotso isa henenin'ny folo amin'ny fampiasana tabilaonisa na tanjozotranisa ny mpianatra. - Mamaky isa novahavahana asehon'ny mpampianatra azy ny mpianatra.		

ASAMARIKA

Fahendrena voizina : fanenterana, fandraisana andraikitra

Faharetany : 50 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manao kajy an-kandrina, maminavina ny valin'ny asamarika manampy na manala, isa tsimivakinanaha ry tsy mihoatra ny 20	Fampiasana kajy an-kandrin - Famahavahana isa sy famondronana isa - Fanehoana isa amin'ny alalan'ny eva matematika - Antsasaky ny isa, isa ankasa sy isa tsiankasa - Hevitry ny asamarika : manampy, manala - Fomba fikajiana manampy sy manala (0+0 hatramin'ny 10+10) - Fampiasana kajy mitsambikina sy fanisana mijotso	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hampihatra ny fahalalana ny toetra mampiavaka ny isa sy tetika mikajy - hisafidy ny tetika mahomby - haneho an-tsary sy an-tsoratra ny vahaolana - hanombatombana ny mety ho valin'ny asamarika - hanampy, hanala, hamahavaha ary hamondrona isa hatramin'ny 10 - hampiasa isa avo roa henin'ny isa iray sy fanisana mitsambikina Tetika amam-paika - Fanambarana isa roa miainga amin'ny isa ira sy tanjozotranisa - Famadihana isa ampifanampiana - Famahavahana sy famondronana isa - Fanisana mijotso sy mitsambikina - Fikirakirana fitaovana sy angon-javatra - Fampiasana teny, kisary na eva fanetsika - Fampiasana fafan'ny fanampiana (0 + 0 hatramin'ny 10+10) Fitaovana - Solaitra na vakiraoka - Tanjozotranisa - Fafan'ny fanampiana - Angon-javatra, teny, kisary na eva fanetsika

Tombana

- Manao kajy an-kandrana sy maminavina valin'ny asamarika manampy na manala ny mpianatra.
- Mahatakatra sy mampihatra kajy isan-karazany amin'ny isatsimivakinanahary tsy mihoatra ny 20 ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manampy isa tsimivakinanahary 1 hatramin'ny 40, tsy misy mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa	Fanampiana isa hatramin'ny 40 • Fifidianana ny asamarika atao : manampy • Fomba fikajiana marindrano sy tsy misy mandeha isa 1 hatramin'ny 40 • Isa avo roa heny • Famadihana na famahavahana isa roa ampifanampiana • Famahavahana isa ho ampolony sy ambiny • Fanoratana fimirana manampy • Fampiasana fafan'ny fifanampiana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hahatakatra ny hevitra ny manampy - hitady ny valin'ny fifanampiana - hanao asamarika manampy tsy misy mandeha - hampiasa ny asamarika manampy hamahana olana eo amin'ny fiainana andavanandro Tetika amam-paika - Fitrandrahana sehatr'olana andavanandro - Fanehoana eny amin'ny solaitrabe ny fomba nahitana ny asamarika amin'ny alalan'ny kisary - Fampidirana miandalana ny eva : + sy = - Famahavahana sy famondronana isa - Famadihana na famahavahana isa roa ampifanampiana - Famahavahana isa ho ampolony sy ambiny ho an'ny isa lehibe noho ny 10 - Fitadiavana isa avo roa heny eo anelanelan'ny 1 sy 10 - Fampiasana fafan'ny fifanampiana Fanamarihana : - Ny valin'ny fifanampiana dia tsy mihoatra ny 40 - Fomba fikajiana : asamarika marindrano ihany - Tsy mbola ampiasaina aloha ny tabilao famahana olana amin'ny taona voalohany.) - Karazana olana : fitambarany no tadiavina, isa niaingana no tadiavina, isa nampiana no tadiavina Fitaovana - Kisary na fitaovana kirakiraina - Fafan'ny fifanampiana

Tombana

Manampy isa tsimivakinanahary 1 hatramin'ny 40 tsy misy mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manala isa tsimivakinanahary 1 hatramin'ny 40, tsy mis mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa	Fanalana isa hatramin'ny 40 Fifidianana ny asamarika atao : manala ● Fomba fikajiana marindrano sy tsy misy mandeha isa 1 hatramin'ny 40 ● Famahavahana sy famondronana isa ● Isa avo roa heny ● Famadihana na famahavahana isa roa ampifanalana ● Famahavahana isa ho ampolony sy ambiny ● Fanoratana fimirana manala ● Fampiasana ny fafan'ny fanalana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hahatakatra ny hevitra ny manala - hitady ny valin'ny fanalana - hanao asamarika manala tsy misy mandeha - hampiasa ny asamarika manala hamahana olana andavanandro Tetika amam-paika - Fitrandrahana sehatr'olana andavanandro - Fanehoana amin'ny solaitrabe ny fomba nahitana ny asamarika amin'ny alalan'ny kisary - Fampidirana miandalana ny eva : - sy = - Famahavahana sy famondronana isa - Famadihana na famahavahana isa roa ampifanalana - Famahavahana isa ho ampolony sy ambiny ho an'ny isa lehibe noho 10 - Fitadiavana isa avo roa heny eo anelanelan'ny 1 sy 10 - Fampiasana fafan'ny fanalana Fanamarihana : - Ny isa ampiasaina dia tsy mihoatra ny 40 - Fomba fikajiana : asamarika marindrano ihany - Tsy mbola ampiasaina aloha ny tabilao famahana olana - Karazana olana : sisa tavela, isa niaingana, isa nalana Fitaovana - Kisary na fitaovana kirakiraina - Fafan'ny fanalana
Tombana Manala isa tsimivakinanahary 1 hatramin'ny 40 tsy misy mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa ny mpianatra.		

Fahendrena voizina : fizakan-tena, fitiavana ny tsara indrindra

Faharetany : 29 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamantatra sy manoritsoritra ny tandahatra manara-pitsipika	Fandaharana manara-pitsipika • Fiverimberenana • Toetra mampiavaka (loko, endrika, fipetraka, na toerana na habe, sns.) • Singa sy laharan'ny singa • Fanoritsoritana ny fiverimberenana mandrafitra ny tandahatra manara-pitsipika	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hampiasa toetra mampiavaka sy fiverimberenana ny fitsipika hita ao andakilasy na eo amin'ny tontolo manodidina - hamantatra ireo toetra hita maso izay miverimberina na kisary an-demaka mandrafitra ny tandahatra - haneho ny fiverimberenana mandrafitra ny tandahatra iray Tetika amam-paika - Fampiasana ny fiverimberenana ny fitsipika ao anaty tandahatra - Fanoavaovana ny fitaovana na vainga ampiasaina Fitaovana - Vatokely, bokotra, lakile, ... - Hazokely, vainga na kisary andemaka,...
Tombana • Manavaka ireo singa mandrafitra ny tandahatra manara-pitsipika ny mpianatra. • Manavaka ny toetran'ny singa sy ny laharana misy azy ao anatin'ny tandahatra manara-pitsipika ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manoritsoritra ny fiverimberenana manara-pitsipika amin'ny alalan'ny tandahatra manana kisary mitamberina eo amin'ny toetra samihafa sy ny firafitra samihafa	Fanohizana tandahatra • Tandahatra manara-pitsipika : kisary mitamberina • Fiverimberenana manara-pitsipika • Toetra sy firafitra samihafa • Singa sy laharan'ny singa ao anatin'ny tandahatra • Fanohizana ny fiverimberenana • Fanazavana ireo kisary mitamberina • Famadihana toerana ny singa hita ao anaty tandahatra • Famenoana ny singa banga ao anatin'ny tandahatra manara-pitsipika	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - handinika tandahatra tsotra iray - hanavaka ny fiverimberenana hita ao anatin'ny tandahatra tsotra - hanazava ireo toetra na kisary mitamberina - hanohy ny fiverimberenana manara-pitsipika mandrafitra ny tandahatra - hampifamadika ny laharan'ny singa mandrafitra ny tandahatra ary hamantatra ny firafitra vaovao izay azo avy amin'izany famadihana toerana izany - hameno ny singa banga ao anatin'ny tandahatra manara-pitsipika Tetika amam-paika - Fampisehoana tandahatra eo amin'ny kraft na solaitrabe - Fampiasana kisary mitamberina miverina intelo Fitaovana - Kraft - Solaitrabe - Kisary mitamberina

Tombana

- Manohy ny fiverimberenana manara-pitsipika mandrafitra ny tandahatra manara-pitsipika ny mpianatra.
- Mamadika toerana ireo singa mandrafitra ny tandahatra manara-pitsipika ny mpianatra.
- Mameny ny singa banga ao anatin'ny tandahatra manara-pitsipika ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho ny fiverimberenana manara-pitsipika mandrafitra ny tandahatra manara-pitsipika ahitana kisary mitamberina	Fanehoana tandahatra ● Fanehoana ny fiverimberenana manara-pitsipika ● Kisary mitamberina : vainga na sary	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hisafidy toetra sy firafitra hananganana tandahatra iray - haneho vainga na kisary mitamberina mandrafitra ny tandahatra manara-pitsipika araka ny toetra sy firafitra nosafidiana Tetika amam-paika - Fampiasana fitaovana azo kirakiraina handrafetana tandahatra - Fandinihana fiverimberenana manara-pitsipika Fitaovana - Vainga - Sary

Tombana

Maneho tandahatra manara-pitsipika ahitana kisary mitamberina ny mpianatra.

RAFITSARY

Fahendrena voizina : Fizakantena, fanenterana

Faharetany : 60 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa ireo teny milaza toerana mba hahafahana manoritsoritra ny toerana misy ny tena na ny vainga iray	Fampiasana teny milaza toerana ● Mari-toerana na tondro - Ankavanana, ankavia - Eo anoloana, ao aoriana, - Eo anelanelany - Eo ambony, eo ambany ● Marika raikitra (tondro) ● Mifindra toerana ● Mamindra toerana vainga	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny tanany havanana sy ny tanany havia; - hamantatra ny ankavanany sy ny ankaviany, ny ankavia sy ny ankavanana'ny olona iray - hamantatra ny ankavanana sy ankavian'ny olona - hanoritsoritra ny toerana misy ny tena sy ny olona hafa ary ny vainga iray - hifindra toerana araka ny toromarika omena mifanaraka amin'ny ankavia, ankavanana - hamindra toerana vainga iray araka ny toromarika nomena Tetika amam-paika - Fanontaniana apetraka : “ tanana inona no mitazona soto, amin'ny tanana inona ny mpianatra no manoratra ? ” - Fanombohana amin'ny olona eo anoloana ary manome lamosina azy hamantarana sy hametrahana vainga eo ankavanana sy ankavian'ny tondro iray - Fampiasana ireo teny milaza toerana

		Fitaovana - Vainga - Fitaovana sy fanaka hita ao an-dakilasy
Tombana • Manoritsoritra ny toerana misy ny tena sy ny olona hafa ary ny vainga iray amin'ny fampiasana ireo teny milaza toerana ny mpianatra. • Mifindra toerana araka ny toromarika omena mifanaraka amin' ireo teny milaza toerana ny mpianatra. • Mamindra toerana vainga iray amin'ny fampiasana ireo teny milaza toerana ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manasokajy vainga manana endrika : telozodrirana mahitsizoro, goba, varingarina, bola	Fanasokajiana vainga manana endrika samihafa • Endriky ny vainga : telozodrirana mahitsizoro, goba, varingarina, bola • Toetra iombonana na toetra mampiavaka azy • Toetra tsy itoviana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanoritsoritra ireo vainga araka ny fiteniny - hampitaha ireo vainga araka ny isan'ny tavany, tendrony, velarany, mahitsy, mibiloka - hanazava izay toetra iombonan'ny vainga sy izay tsy itoviany - hanasokajy ho vondrona 2 ireo vainga ireo araka ny toetra iombonany izay mampiavaka azy amin'ny hafa Tetika amam-paika - Fampitahana tsiroaroa ireo vainga : atomboka amin'ny goba sy ny telozodrirana mahitsizoro izany ary tohizana amin'ny varingarina sy ny bola - Fampitahana vainga 3 na 4 any amin'ny fiakaran'ny lesona - Fikirakirana angona vainga manana endrika goba sy telozodrirana mahitsizoro - Firesahana araka ny fitenin'ny mpianatra - Fitadiavana vainga manana endrika goba na telozodrirana mahitsizoro ao an-dakilasy na any an-trano Fitaovana - Vainga manana endrika goba - Telozodrirana mahitsizoro, varingarina, bola

Tombana • Manoritsoritra ireo vainga araka ny fiteniny ny mpianatra. • Mampitaha ireo vainga araka ny isan'ny tavany, tendrony, velarany, mahitsy, mibiloka. • Manazava ny toetra iombonan'ny vainga sy ny tsy itoviany ny mpianatra. • Manasokajy vainga ho vondrona 2 araka ny toetra iombonany izay mampiavaka azy amin'ny hafa ny mpianatra.		
--	--	--

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manasokajy kisary an-demaka : mahitsizoro, efamira, telolafy ary faribolana	Fanehoana kisary an-demaka ● Endriky ny kisary an-demaka : mahitsizoro, efamira, telolafy, faribolana ● Toetra mampiavaka azy : isan'ny lafiny, isan'ny tendrony, tsipika hita eo aminy	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanoritsoritra ireo kisary an-demaka araka ny fiteniny - hampitaha ireo vainga araka ny isan'ny tavany - hampitaha ireo kisary araka ny isan'ny lafiny, tendrony, tsipika hita eo aminy (mahitsy, mibiloka) - hanazava ny toetra iombonan'ny kisary tsirairay sy ny toetra tsy itoviany - hanasokajy kisary an-demaka ho vondrona roa an-demaka : vondrona mahitsizoro sy vondrona efamira Tetika amam-paika - Fampitahana tsiroaroa ireo kisary an-demaka : atomboka amin' ny mahitsizoro sy ny efamira izany ary tohizana amin'ny telolafy sy ny faribolana - Fampitahana kisary an-demaka 3 na 4 any amin'ny fiakaran'ny lesona - Fampisehoana angona kisary an-demaka mahitsizoro, efamira, telolafy, faribolana - Firesahana araka ny fitenin'ny mpianatra - Fitadiavana vainga manana endrika goba, mahitsizoro, efamira, telolafy, faribolana ao an-dakilasy na any an-trano - Fitadiavana kisary an-demaka manana endrika mahitsizoro na efamira ao an-dakilasy na any an-trano Fitaovana - Kisary an-demaka manana endrika mahitsizoro, efamira, telolafy, faribolana - Angona kisary an-demaka : mahitsizoro , efamira, telolafy, faribolana
Tombana ● Manoritsoritra ireo kisary an-demaka ireo, araka ny fiteniny ny mpianatra. ● Mampitaha ireo kisary an-demaka araka ny isan'ny lafiny, tendrony, tsipika hita eo aminy : mahitsy, mibiloka ny mpianatra. ● Manazava, araka ny fiteniny, ny toetra iombonana sy ny toetra tsy itovian'ny kisary tsirairay ny mpianatra. ● Manasokajy ireo kisary an-demaka ho vondrona roa ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manoritra karazana tsipika amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana na taratasy voateboteboka na taratasy voatetika efajoro	Fanasokajiana karazana tsipika - Karazana tsipika : tsipika mikatona sy misokatra, tsipika mahitsy, mibiloka, minifintsofa - Vainga ahitana ireo karazana tsipika - Fanoritana ireo karazana tsipika	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - handinika tsipika hita ao an-dakilasy - hamantatra sy hanome ny anaran'ny tsipika : mibiloka mikatona na misokatra, tsipika minifintsofa ary tsipika mahitsy - hanasokajy ireo tsipika araka ny karazany - hitana vainga ahitana ireo karazana tsipika ao an-dakilasy na any an-trano - hanoritra tsipika mahitsy, tsipika mibiloka ary tsipika minifintsofa Tetika amam-paika - Fampiasana takela-baoritra - Fampiasana taratasy voateboteboka na voatetika efajoro - Fampiasana fitaovana : fanipihana, penina, penisilihazo, solaitra, bokin'ny mpianatra. Fitaovana - Takelabaoritra ahitana ireo karazana tsipika - Taratasy voateboteboka na taratasy voatetika efajoro - Fitaovana mivaingana : fanipihana, penina, penisilihazo, solaitra, bokin'ny mpianatra
Tombana - Mamantatra sady manome ny anaran'ny tsipika mibiloka mikatona na misokatra, tsipika minifintsofa ary tsipika mahitsy aseho azy ny mpianatra. - Manasokajy tsipika araka ny toetra mampiavaka azy : tsipika mibiloka sy tsipika minifintsofa ary tsipika mahitsy ny mpianatra. - Manoritra karazana tsipika amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana mivaingana na taratasy voateboteboka na taratasy voatetika efajoro ny mpianatra.		

RAFIDREFY

Fahendrena voizina : fizakan-tena, fanenterana

Faharetany : 20 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampitaha ary mandrefy halavana amin'ny alalan'ny venty ifanarahana, nomanina mialoha	Fandrefesana halavana - Maridrefy na venty ifanarahana - Fanombatombanana halavana - Fampitahana halavana - Fandaharana halavana - Fandrefesana halavana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanombatombanana halavan- javatra - handrefy halavan-javatra - hampitaha halavan-javatra roa - handahatra halavan-javatra telo na efatra Tetika amam-paika - Fampiasana fitaovam-pandrefesana efa nomanina mialoha - Famahavahana sehatr'olana eo amin'ny fiainana andavanandro itakiana ny fandrefesana

		- Fampiasana tahona afokasoka, batone, zehy, dingana,... - Fampilaharana ny halavana roa na fitaovam-pandrefesana nomanina mialoha - Fampiasana ny andian-teny « lava noho ny » sy « fohy noho ny » Fitaovana Fitaovam-pandrefesana nomanina mialoha : tahona afokasoka, batone, zehy, dingana...
Tombana • Mandrefy, mampitaha, ary mandahatra halavan-javatra telo na efatra amin'ny alalan'ny fampilaharana azy ireo ny mpianatra. • Mandrefy sy mampitaha ary mandahatra halavan-javatra telo na efatra, amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovam-pandrefesana nomanina mialoha ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampitaha ny lanjan-javatra amin'ny alalan'ny tanana 2 mba hahafantarana izay mavesatra na maivana	Fampitahana lanja • Fanombatombanana • Fampitahana lanja • Fandrefesana lanja • Fampiasana andianteny : “mavesatra noho ny”, “maivana noho ny”	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hahatakatra ny hevitra ny lanja - hanombatombana ary hampitaha lanjan-javatra - handrefy sy hampitaha lanjan-javatra roa na telo - handrefy sy hampitaha lanjan-javatra telo na efatra - handahatra sy handamina fitaovam-pianarana 3 na 4 amin'ny toerana iray araka ny lanjany Tetika amam-paika - Fandanjanjana amin'ny tanana roa - Fampiasana ny andianteny « mavesatra noho ny » na « maivana noho ny » Fitaovana - Tànana roa - Fitaovana entina mandrefy toy ny kahie, boky, penina, saoka, fanipihana,...
Tombana Mampitaha sy mandahatra lanjan-javatra telo na efatra amin'ny alalan'ny fandanjanjana ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa ireo mari-potoana manamarika ny tontolo andro hamantarana sy handrindrana ireo sahanasa fanao andavanandro	Fandrefesana mari-potoana tontolo andro • Mari-potoana - Ora - Maraina - Atoandro - Folak'andro - Hariva	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanavaka ny andro sy ny alina - hamaly ny fanontaniana hoe : inona no ataon'ny mpianatra amin'ny maraina ? Atoandro? Folak'andro? Hariva? amin'ny alina ? - hamantatra ireo mari-potoana manamarika ny tontolo andro amin'ny fampifandraisana izany amin'ny sahanasa fanaony

		- hanatsoaka ireo mari-potoana hafa - hamaly ny fanontaniana hoe : mandeha mianatra ianao izao maraina izao, amin'ny atoandro, folak'andro, hariva, alina, inona kosa no ataonao? - hamaritry sy handahatra ireo sahanasa fanaony mandritra ny tontolo andro Tetika amam-paika - Fiaingana amin'ny mari-potoana iray sy ny fampifandraisana izany amin'ny sahanasa anaony - Fandaharana sary fanehoana ireo sahanasa fanaony mandritra ny tontolo andro Fitaovana Sary fanehoana ireo sahanasa fanaon'ny mpianatra mandritra ny tontolo andro
Tombana ● Mampiasa araka ny tokony ho izy ireo mari-potoana mba hamantarana sy handrindrana ireo sahanasa fanao andavanandro ny mpianatra. ● Mampifandray ny mari-potoana amin'ny sahanasa fanaony andavanandro ny mpianatra.		

FIKIRAKIRANA ANTONTANISA

Fahendrena voizina : fizakan-tena, fitiavana ezaka

Faharetany : 10 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manasokajy angona vainga ho vondrona 2 araka ny toetra mampiavaka azy	Fanasokajiana angona ● Fisokajiana ● Toetra mampiavaka : loko, bika, habe ● Vondrona na sokajy ● Singa maningana ao anaty vondrona	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanasokajy vainga maromaro araka ny toetra mampiavaka azy - hanasokajy vainga maromaro araka ny toetra nosafidiny ary hanazava ny anton'ny safidiny - hamantatra ny singa maningana ao anaty vondrona Tetika amam-paika Fisafidianana ny toetra hanasokajiana ireo vainga ho vondrona roa Fitaovana Vainga maromaro
Tombana ● Manasokajy vainga maromaro araka ny toetra mampiavaka azy ny mpianatra. ● Mamantatra ny singa maningana ao anaty vondrona na sokajy iray ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
